



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 11 – 17 MARS 2016

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

MATOAM-BAOVAO

FIARAHA-MIASAN'I MADAGASIKARA SY MAORISY

Andro vitsivitsy lasa izay dia nankalaza ny faha 48 taona nahazoany fahaleovan-tena ny nosy Maorisy ka anisan'ireo voaasa hanatrika ny lanonana tany ny filoham-pirenena Hery Rajaonarimampianina sy ny minisitra ary solotenam-panjakana vitsivitsy. Nandritra ny fotoana nivahiniana'izy ireo no nanamafisana indray ny fiaraha-miasan'ny firenena roa. Nisy ary ny fanaovana sonia ny taratasy mirakitra ny fehin'izany fiaraha-miasa izany, ny fifanarahana hametrahana vaomiera iombonana, ary ny taratasy mametraka an'ny Ehoala (Taolagnaro) ho fari-pihariana manokana. Taorian'izay dia nisy ny atrikasa notanterahina tao amin'ny birao foiben'ny COI.

Nahabe resaka ity dian'ny delegasiona Malagasy tatsy amin'ny nosy Maorisy ity, indrindra fa ny mahakasika ilay fari-pihariana manokana. I VIVA TV zao dia nifantoka betsaka ny amin'izay mety ho tombotsoan'ny Malagasy ka naka ny hevitra ny manam-pahaizana manokana. Nampahatsiaro ny tsy fahombiazan'i Maorisy raha nametraka fari-pihariana manokana tao aminy ity farany tamin'ny 2007 ary tsy nisalasala nilaza fa tsy dia matoky loatra fa hahazo tombony betsaka amin'ity fifanaraham-piaraha-miasa ity ny Malagasy, fa ry zareo maorisanina no tena hahazo izany satria izy ireo no hahazo tombontsoa amin'ny fanafoanana hetra isan-karazany.

*Mitovitovy amin'izay ihany koa ny hevitra ny tao amin'ny **RADIO ANTSIVA** ka nanome tsiny ny mpitondra nandray ny fanapahan-kevitra, "Mampitsoaka ny tontolon'ny fandraharahana eto Madagasikara. Tsy marisika hampiasa vola eto ny mpandraharaha noho ny kolikoly sy ireo mpanjakazaka manapatra ny heriny. Tokony haka lesony amin-dry zareo maorisanina aloha ny mpitondra Malagasy amin'ny fahaizana maka tombony amin'ny harena rehetra ananany. Ankoatra ny fangaraharahana amin'ny fitantanana dia mahazo ampahany betsaka amin'izay azo avy amin'ny mpampiasa vola avy any ivelany ny vahoaka maorisanina." Mbola nanizingizina ny tsy fisian'ny fangaraharahana amin'ny asam-panjakana hatrany ny **RADIO PLUS** tao amin'ny fandaharana "Demokrasia Mivantana" sy tao amin'ny fandalinana mialoha ny vaovao.*

*Ny fahitalavitra **TVM** kosa dia nanome sehatra an'Andriamatoa Donald Andriampeno filohan'ny vaomiera misahana ny fari-pihariana manokana izay nanome fanazavana misimisy mikasika izany.*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



Araka ny fanazavany ary dia faritra fehezina lalàna ara-toekarena malalaka no atao hoe fari-pihariana manokana. Mitovitovy firafitra amin'ny faritra na orinasa afakaba izy ary fivondronana orinasa sy asa vaventy maromaro, ahitana toerana fialam-boly sy fanaovana fanatanjahan-tena, toeram-pitsaboana sy toeram-ponenana, ny fanomezana vahana sy fampandrosoana ny toe-karen'ny firenena no tanjon'izany rehetra izany. Maro ireo asa hiforona ao anatin'izany. Nanambara ihany koa ny minisi-panjakana Rivo Rakotovoao fa efa herintaona izay no nanomanana ny fametrahana ny fari-pihariana manokana : "Toerana iray mirefy 450 km² no efa vonona hananganana ireo foto-drafitrasa ao Taolagnaro." hoy izy.

Niaiky ny fomba nentin'ny filoham-pirenena nanodoka azy ireo ny mpandraharaha maorisanina hoy ny **TV PLUS** saingy kosa tsy nanafina ny ahiahiny ny amin'ny mety fahafahan'ny malagasy hiaro ny fampiasam-bolan'izy ireo. Nisy tamin'ireo no efa nanana orinasa teto saingy voatery nangorona entana noho ny krizy ekonomika nentin'ny krizy politika.

POLITIKA ANATINY

ATRIKASA POLITIKA NIARAHAN'NY FANJAKANA MALAGASY SY NY VONDRONA EUROPEANINA

Ny faran'ny herinandro teo no nihaona tany Taolagnaro ny fanjakana Malagasy sy ny vondrona Eropéanina. Nifantoka betsaka tamin'ny sehatra rehetra iarahana miasa amin'ireo mpiara-miasa ara-teknika sy ara-bola ny dinika. Nandray anjara tamin'izany ny filoham-pirenena, ny lehiben'ny governemanta sy ireo minisitra mpiara-miasa aminy. Nanipika manokana ny ambasadaoron'ny vondrona Eropéanina, Andriamatoa Antonio Sanchez Benedetto fa hita ho nanao ezaka lehibe tokoa i Madagasikara na dia mbola miatrika fitsapana aza ny fitondrana Rajaonarimampianina nandritra ny roa taona naha teo azy. Tonga izao ny fotoana hampandehanana ny fitantanan-draharaham-panjakana ho fampandrosoana ny firenena ary fotoana ihany koa hanehoana ny fahombiazan'ny fiaraha-miasan'i Madagasikara ny sy Vondrona Eropéanina indrindra amin'ny fanarenana ny toe-karena malagasy. Notsindrian'ny ambasadaoro manokana nandritra ny fandraisam-pitenenany ihany koa ny mikasika ny tsy fandriampahalemana any atsimon'ny nosy, ny tsy filaminan'ny toe-karena sy ny fitsarana izay mampikolay ny maro.

Fitsapana sy tombana ho an'ny fitondrana malagasy ity fihonana ity ho an'ny **TV PLUS** ka nahafahan'ny Vondrona Eropéanina nandrefy ny ezaka vitan'i Madagasikara mitaha amin'izay notakiana taminy. Nanakiana mafy an'Andriamatoa Hery Rajaonarimampianina kosa ny mpanentana fandaharana tao amin'ny **FreeFM** ka nilaza fa fetsy ratsy izy ary mandangolango ny vahoaka amin'ny alalana fitokanana zava-bita etsy sy eroa sy fametrahana vato fototra amin'ny fanorenana foto-drafitrasa samihafa ho fanomanana sahady ny fifidianana amin'ny 2018. Ny an'ny **VIVA TV** kosa dia ny fiaramanidina nandehanan'ny filoha sy izay niara-dia taminy no nasiany resaka. Ny fiaramanidin'ny Madagascar Airways tokoa mantsy no notaingenanany izay tsy mahagaga loatra hoy ny mpanao gazety satria mpanolo-tsaina azy rahateo no tompony sady anisan'ireo manana petra-bola ao Ramatoa Voahangy Rajaonarimampianina raha araka ny tsilian-tsofina mandeha.

Leader du Consortium

Membres du Consortium





TOE-KARENA SY SOSIALY

FANONDRANANA ANDRAMENA ANTSOKOSOKO: “TSY MBOLA RESY LAHATRA TENA HAMONGOTRA IZANY NY FANJAKANA”, HOY NY AVG

Tsy niasalasa Andriamatoa Ndranto Razakamanarina filohan’ny Alliance Voahary Gasy nandritra ny fotoam-panamarihana ny andro maneran-tany ho an’ny zava-boahary nilaza fa ny fanjakana mihitsy no tsy manana faharesen-dahatra ara-politika hiady sy hamongotra ny fanondranana an-tsokosoko ny andramena. Tsy voasazy ary tsy melohin’ny fitsarana akory ireo meloka, porofon’ny tsy fahazakan-tenan’ny rafi-pitsarana malagasy izany. Nangataka ny fanafangianana ny fametrahana ny fitsarana manokana miady amin’ny fanondranana andramena ny AVG mba hisamborana indrindra hamaizana ireo mpanao ratsy izay mahazo vahana tokoa ankehitriny. Efa ela loatra no niandrasana ny fahatanterahanan’ny fampanantenana nomen’ny filoha hoy ihany Andriamatoa Ndranto Razakarimanana, “Mety ho voasazin’ny CITES ihany koa isika satria tsy misy vokatra azo hatramin’izao momba ny fanondranana an-tsokosoko ny hazo sarobiditsika”. Tokony hifanome tanana arak’izany ny hery velona rehetra toy ny fiaraha-monim-pirenena sy ny minisitera. Miandry ny tatitra avy aty amitsika ny CITES ny volana septambra ho avy izao.

Mahakasika ilay andramena any Singapour kosa dia nanadio tena ihany koa ny priaminisitra teo aloha Kolo Roger. Notsindriany ary fa ny vaomiera manokana nisahana ny fitantanana ny hazo sarobidy no nandray ny fanapahan-kevitra mahakasika ireo andramena ireo. Nomarihany ihany koa fa mbola tsy teo amin’ny fitondrana izy no naondrana ireo hazo ireo saingy kosa nandefa solotena hijery izy raha mbola tsy nisy fahasimbana izany sy izay tokony hatao hamerenana azy an-tanindrazana satria volabe no haloan’i Madagasikara amin’ny fipetrahan’ireo any.

*Miezaka manala ny tenany amin’ity raharaha ity ireo mpikambana tao amin’ny governemanta Kolo Roger hoy ny **RADIO ANTSIVA**. Raha ny antontan-taratasy eo am-pelatanan’ny fitsarana any Singapour dia nanamarina ny maha ara-dalàna ireo hazo ireo no anton-dian’ny delegasiona Malagasy tamin’izany fotoana izany saingy novain’Andriamatoa Kolo Roger ny resaka. Raha ny tomban’ity fampielezam-peo ity moa dia mitetina any amin’ny 825 miliara ariary any no vidin’izany andramena any Singapour izany. Ireo mpisehatra niditra mivantana tao amin’ny **RADIO PLUS** dia namerimberina ny amin’ny tokony hisian’ny mangarahara amin’ny fitantanana-draharaham-panjakana. Nangataka ny tompon’andraikitra izy ireo mba hilaza izay tena zava-misy marina satria mifamahofaho be ihany ny raharaha. Resy lahatra ry zareo fa olona ambony ao amin’ny fitondrana ao no tompo-marika tamin’ity raharaha ity. Ireo mpihaino ny **RADIO ANTSIVA** kosa dia milaza ho tsy matoky ny Filoha Hery Rajaonaromampianina amin’izao raharaha izao.*

FITRANDRAHANA VOLAMENA ANTSOKOSOKO AO AMBATOVOVORY

Nandritra ny fandaharana Tafa sy Dinika tao amin’ny **RFOne** ny 15 marsa no niresahan’ny mpanentana ny momba ny fitrandrahana tsy ara-dalàna volamena ataona tera-tany sinoa ao amin’ny fokontany Ambatovory, kaominina Tolongoina, distrikan’Ikongo. Simba sy potika avokoa tanimboly sy ny tanimbary any amin’izany faritra izany raha araka ny tatitra. Ary dia zandarimarian’ny

Leader du Consortium Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



Mananjary mihitsy moa no miantoka ny fiarovana ireo mpitrandraka ireo. Ankehitriny dia mifanome tanana amin'ireo mponina ao an-toerana ny olobe sy ny olom-boafidy ary ny fikambanana miaro ny tontolo iainana ao an-toerana manohitra ny tsy rariry sy ny halatra ataon'ireo mpitrandraka sinoan ireo. Maro tamin'ireo mpihaino niditra mivantana tao amin'ny fandaharana no nanohana ny mponina any sady niantso ny manam-pahefana handray andraikitra manoloana izao tranga izao. Raha ny filazan'ny Lehiben'ny Distrikan'Ikongo dia miray tsikombakomba ary miaro ireo mpitrandraka tsy ara-dalàna ireo ny solombavambahoaka HVM voafidy tany Fenoarivo Atsinanana, Andriamatoa Mohamed Ahmad, sady nanipika izy fa hahita raharaha aminy ity farany raha mifanena aminy any Ambatovory. Tsy izany ihany fa nanakiana ny firaisana tsikombakomba misy eo amin'ny Tale iraisam-paritry ny harena an-kibon'ny tany sy ireo sinoa mpitrandraka ity olom-boatendry ity satria na dia eo aza ny filazana avy amin'ny ministeran'ny tontolo iainana ny amin'ny maha tsy ara-dalàna ny fitrandrahana any Ambatovory dia tsy nanome baiko hanakatonana akory izany ny Tale iraisam-paritra.

FITENY TSY MENDRIKA

Mpihaino iray niditra mivantana tao amin'ny **RADIO PLUS** no nampiakam-peo nandritra ny fidirany mivantana tao amin'ny "Demokrasia Mivantana" raha niresaka ny mahakasika andramena izy ka niteny hoe: "Andeha hosamborina ary tsarina ireo minisitra ireo. Tsy hahatohitra ny fiarahamiantan'ny vahoaka ny mpiambina azy." Teny izay mandrangitra sy manentana ny mpihaino hampiasa herisetra, nijanona ho mpitazana fotsiny ihany moa ny mpanentana fandaharana tamin'izany

Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu

Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu

Honorine RAMISARIVELO : misa.ramisarivelo@eces.eu

Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium

Membres du Consortium

